


ALAHADY FAHA 05 MANDAVANTAONA - B



“Nanasitrana olona maro nararin’ny aretina samihafa Izy” ***Mk. 1, 29-39***

Ry Kristianina havana, tamin’ny 02 febroary isika nandinika sy nandalina mikasika ny jiro masina dia tsy iza fa isika voatokana na religiozy no mhazatra antsika izay nanokana ny tenantsika ho an’Andriamanitra ary tsy izy ireo ihany fa isika nanokana ny tenantsika amin’Andriamanitra tamin’ny alalan’ny batemy noraisintsika ka zary Kristy mpiara-belona ami’olona.

Isika no fahazavana amin’izao andro iainantsika izao, isika no modely ho an’ny mpiara-belona amintsika ka hampamokatra ny fiainantsika ho zanak’Andriamanitra.

Nambara antsika amin’izao taom-pikatrophana izao fa tsy maintsy hitoetra ao amin’ny Tompo isika mba hitoerany koa satria izany no hazahoantsika fiadanana.

Matoa mirefarefa amin’ny tany ny fiainantsika, matoa tsy fiainana maha zanak’Andriamanitra no arahintsika dia satria lavitra ny Tompo isika.

Ny fifikirantsika amin’Andriamanitra no ambaran’ny tenin’Andriamanitra amin’izao Alahady faha 5 tsotra mandavantaona izao. Handalinany finoana isika mba hitoerantsika amin’i Jesoa tanteraka. Izany fifikirantsika amin’i Jesoa izany dia misy fotoana maharary sy mampijaly nefo araky ny fotom-pampianarana androany :

“Inona ny anjara toeran’ny fijaliana amin’ny maha-Kristianina antsika” izany hoe manao

ahoana ny fifikirantsika amin'i Jesoa Kristy".

Nifidy ho faneva entintsika manentana ny taom-pikatrophana ny voalaza ao amin'ny Evanjelin'i Md Joany 15, 5 : "*Izaho no foto-boaloboka, ary ianareo no sampany. Izay mitoetra ao amiko sy itoerako no mamoa be, satria raha tsy izaho dia tsy mahefa na inona na inona ianareo.*" Isika izany no sampany na dia misy fijaliana aza satria tsy maintsy diovina, rantsanana nefraha mitoetra ao aminy isika dia mamokatra be. Izany no ampianaran'ny tenin'Andriamanitra amin'izao Alahady izao.

Ny bokin'i Joba dia mampahatsiahy antsika ny nanjo an'ity olon'Andriamanitra ity izay fantantsika fa tena nifikitra sy nitoetra tao amin'Andriamanitra izy ary namokatra be ny fainany. Ny demony no tonga naka fanahy sy nampijaly azy ary dia rava ny zavatra novokariny rehetra. Voan'ny fakam-panahy i Joba fa nahatsapa kosa anefa na dia tsy nisy intsony ny fanantenana, Andriamanitra eo ihany, ny fiadanany atolony antsika.

Misy tokoa ny fotoana manahirana antsika, misy ny fitsapana kanefa Andriamanitra eo amintsika mandrakariva, i Jesoa no nanolotra ny ainy ka nandray ny rofintsika rehetra, ny fijiliansika rehefa nekeny nynofantsihana tamin'ny hazo fijaliana. Raha miombona aminy isika ka mitoetra aminy na dia eo aza ny firantsanana maro isankarazany dia ho sitraniny isika sy ho karakarainy. Izany ny fampianarana ao amin'ny Evanjely ho an'izay mandray azy. Ho an'izay tsy mandray azy kosa dia mety hiteraka zavatra hafa araky ny henontsika ao amin'ny Evanjely androany. Na dia eo aza ny tebiteby dia mandray fahasoavana mandrakariva ny olon'Andriamanitra sy ny olomarina satria mahatoky ny fiarovan'Andriamanitra mandrakariva izy.

Tsy maintsy misy ny fitsapana eo amin'ny fainantsika fa Andriamanitra mihaino antsika tahaka ny nataon'i Joba nitalaho mafy ka nohainoan'Andriamanitra ny fitalahoany. Tahaka izany koa ireo izay nitondra ny marary tamin'i Jesoa, hitany ny finoany ka nositraniny izy ireo, ny finoana no mahavonjy antsika.

Niaraka nitondra an'ireo marary teo amin'i Jesoa ny olona ary i Jesoa nanatona ary nandray tànana an'ireo marary fa indrindra ny rafozambavin'i Piera izay tsy salama ary fantatr'i Jesoa izany. Tsy nanao teny maro izy fa nandray ny tànany ka nampsangana azy. Izany toetra izany dia manambara fa eo akaikintsika mandrakariva izy. Ary na dia maro aza ny asany dia mitsahatra mampianatra antsika izy sy manoro lalana.

Maro ny fanasitranana sy fahagagana nataony fa tsy nosarahin'ny tamin'ny fitoriana sy fampianarana izay nataony fototra lehibe tamin'ny fainany ny mivavaka. Asongandina amintsika androany ny fandaharam-potoanan'i Jesoa (emploi du temps), izay koa no irin'i Md Marka hananantsika dia ny hanana fandaharam-potoana mirindra ka hametraka tsara ny anjara toeran'ny fivavahana, hametraka tsara ny anjara toeran'ny asa, ny fifandraisana amin'ireo manodidina antsika amin'ny fanaovana soa.

Ny taratasin'i Md Paoly amin'ny vakiteny faharoa izay hahitantsika an'i Md Paoly koa dia tsy mitsahatra izy ny mitory ny Evanjely na dia maro aza ny fanenjehana, na dia maro aza ny fanilikilihana, tsy nitsahatra izy nanambara amin'ny manodidina azy ao anatin'ny fahatsorana, ao anatin'ny fitiavana. Izany no nahasiandy nilaza fa "loza ho ahy raha tsy mitory ny Evanjely aho" amin'ny fanaovany ny ainy tsy ho zavatra amin'ny fampielezana ny finoana. Ohatra lehibe hoantsika i Md Paoly amin'ny fitoriana ny finoana.

Manana ohatra velona sy modely ho antsika koa isika malagasy amin'ny fampitrahofana ny fainana sy ny finoana amin'ny fiainana andavanandro dia tsy iza fa i Lucien Botovasoa izay atsangana ho olontsambatra amin'ny 15 aprily 2018 hoavy izao.

Aoka isika tsy hitsahatra hibanjina sy haka tahaka ny fiainan'io mpanompon'Andriamanitra io. Modely ho antsika izy, marina fa samy manana ny lahatra natolotr'Andriamanitra isika tsirairay avy fa raha ny resaka fandaminana fotoana dia ohatra velona ho tahafina tsara i Lucien Botovasoa. Araky ny fantantsika dia vao mifoha maraina izy dia ny vavaka no ataony, mandeha an-degilizy mamonjy lamesa sy mivavaka , izy no mandamina alohan'ny fahatongavan'ny pretra. Aorian'ny lamesa dia mitsaoka ny saktramenta masina vao mody. Eny an-dàlana izy dia manao sapile. Rehefa tonga am-piasana dia voalamina tsara fandraisany ireo mpianatra sy ny fandaharahana lesona ary ny sisa rehetra. Tanterany soa amantisara ny adidiny mandrapahatongan'ny firavana. Mbola mahita fotoana izy ampianarana katesizy amin'ireo mpianatra sy ny manodidina azy. Ny alina izy mbola mifoha, mivavaka amin'ny maha tersiera fransiskana azy. Niainany tokoa ny vavaka, fiombonana tanteraka amin'Andriamanitra ny fiainany manontolo.

Aoka ary handray izao hafatra izao isika mba handaminantsika ihany koa ny fiainantsika. Marina mety manempotra antsika ny tabataban'izao tontolo izao.

Mety mikorontana ny saintsika mieritreritra ny zava-misy eo amin'ny fiainantsika, eo ihany koa ny fiahiana ny zavamaro isankarazany ka mila tsy handre ny hafatr'Andriamanitra intsony isika, tsy afaka manatona azy aza indraindray.

Aoka ary izao fotoana izao fa indrindra fa ny hiomanantsika amin'ny fanambarana an'i Lucien Botovasoa hampitodika antsika bebe kokoa ny maha zanak'Andriamanitra antsika, hatoky an'Andriamanitra isika fa tsy lavitra antsika izy ary hanasitrana antsika no nahatongavan'i Jesoa tahaka ny nanasitranany ny rafozambavin'i Piera. Isika rehetra dia ho sitraniny raha manatona azy amim-panentrentena.

Tompo ô tsy nanampimaso tamin'ny fahorian'olombelona ianao fa namonjy ireo nijaly sy marary. Iantrao ireo mijaly sy marary ary enga anie izahay hahery fo sy be fitiavana amin'ireo zohim-pahoriana, hanohizanay ny fitiavanao ary efa homananay sahady koa amin'ny fankalazana ny andron'ny marary amin'ny 11 febroary fetin'i Notre dame de Lourdes.

Enga anie izahay hahay hamoy fotoana ka hiombom-bavaka amin'ireo marary rehetra na arabatana na ara-tsaina na ara-panahy. Ny tsodranonao anie hitantana anay ary hitantana ireo marary mba hitoetra ao aminao tokoa izahay ary hitoeranao. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson